

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Fahalalana sy ny Fahendren'i Jesosy Mihoatra ny Voajanahary

Fantatry ny Raiko izay ilaiko, na dia mbola tsy mangataka Aminy aza aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny fahalalana sy ny fahendren'Andriamanitra mihoatra ny natoraly dia niseho nandritra ny fanompoan'i Jesosy teto an-tany, saingy angamba tsy nisy mazava kokoa noho ny tamin'ny alalan'ny Fifanandrinany tamin'i Jodasy Iskariota. Rehefa nilaza tamin'i Jesosy ny mpianatra hoe: "Ary izahay mino ka mahalala fa Hianao no Ilay [Mesia] Masin'Andriamanitra. (Jaona 6:69), dia namaly azy ireo i Jesosy ka naneho fa hoe ny Mesia dia arahin'ny famadihan'ny iray amin'ireo mpanaradia Azy: "'Tsy Izaho va no nifidy anareo roa ambin'ny folo lahy, nefa ny anankiray aminareo dia devoly?' Fa Izy nilaza an'i Jodasy, zanak'i Simona Iskariota; fa izy io no ilay efa hamadika Azy, nefa isan'ny roa ambin'ny folo lahy" (Jaona 6:70–71). Fantatr'i Jesosy, tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina, fa hamadika Azy i Jodasy, na dia mbola tsy fantatr'i Jodasy tenany aza izany.

Na dia izany aza, dia tsy afaka nanatanteraka ny fikasany i Jodasy raha tsy nilaza ny teny izay namela azy hanao izany i Jesosy. Tamin'ny Fanasan'ny Tompo, Jesosy dia nampitandrina ny Mpianany hoe: "Ny anankiray aminareo hamadika Ahy" (Jaona 13:21). Rehefa nanontaniana momba ny hoe iza izany, dia namaly Jesosy hoe:

> "'Iay homeko ny sombin-kanina lemako no izy.' Ary rehefa nolemany ny sombin-kanina, dia noraisiny ka nomeny an'i Jodasy, zanak'i Simona Iskariota. Ary manaraka izany no nidiran'i Satana tao aminy, ka hoy Jesosy taminy: Izay ataonao dia ataovy faingana. ... Ary rehefa nandray ny sombin-kanina izy, dia nivoaka niaraka tamin'izay;." (Jaona 13:26–27, 30)

Mahagaga ahy ny fahatsapako fa tsy afaka nanatanteraka ny fikasany hamadika an'i Jesosy i Jodasy raha tsy i Jesosy Tenany mihitsy no nilaza ny teny izay nanafaka azy hanao

© 2008 - Dries Du Plessis

izany. Nandritra io seho iray manontolo io, dia ilay Nivadihana, fa tsy ilay mpamadika, no nifehy.

Misaotra Anao, Ray ô, fa Fantatrao tanteraka aho. Manambara aho fa Jesosy dia naneho ny fahalalana sy ny fahendren'Andriamanitra mihoatra ny natoraly, izay mahalala ny rehetra. Fantatry ny Raiko izay ilaiko, na dia mbola tsy nangataka Taminy aza aho, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-248-MLG
Nohavaozina farany: 15 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

